# NY REEVOLISIONAN'NY

## ASAM-PAMINDRAM-PO




*S.E.R. Mgr. Orthasie Marcellin Herivonjilalaina*

Evekan'Ambatondrazaka


*Teny mialoha*

***S.E.R. Mgr. Fortunatus Nwachukwu***

***Sekreteran'ny Foibe miadidy ny Fitoriana ny Evanjely***

*Sampana misahana ny Fitoriana voalohany ny Evanjely sy ireo Eglizy any ifotony vao niorina*

SPAZIO SPADONI OPERA M

*Ireo asam-pamindram-po ara-batana sy ara-panahy no banky azo antoka indrindra sy ahazoana tombony miavosa ka azo anankinana ny raki-tsarobidin'ny fisiantsika.*

Léon XIV - 2025

*Maivan-danja ny asa mivaingana atao raha tsy hita taratra ao amin'izany ny fitiavana ny olombelona, izay fitiavana mivelona amin'ny fihaonana amin'i Kristy. Ny fandraisan'anjara lalina sy manokana amin'ny filàna sy ny fijalian'ny hafa araka izany dia zary fomba hikambanako aminy; mba tsy ho lasa fanambaniana ny hafa ny fanomezana, dia tsy zavatra avy amiko fotsiny no tokony homeko azy, fa ny tenako mihitsy ; tokony ho tafiditra ao amin'ny fanomezana ny tenako, amin'ny maha-olona ahy.*

Papa Benoît XVI, Taratasy ansiklika *Andriamanitra dia Fitiavana*, 2005, lah.34

# NY REEVOLISIONAN'NY

## ASAM-PAMINDRAM-PO

# TENY MIALOHA 1°

Nandritra ny fihaonany tamin'ireo mpandray anjara tamin'ny fivorian'ny mpiantsehatra rehetra eo anivon'ny Sampandraharaha misahana ny Fitoriana ny Vaovao Mahafaly, sampana miandraikitra ny fanontaniana fototra, tao amin'ny lapa apôstôlikan'i Vatikana tamin'ny volana marsa 2024, dia nambaran'i Papa Fransoà fa « miasa mandrakariva ny Famindram-pon'Andriamanitra ary antsoina isika hijoro vavolombelon'izany sy hanatanteraka azy, izany hoe hampikoriana azy ao amin'ny lalan-dra maventin'ny Eglizy ». Zava-dehibe tokoa mantsy ny hihodinan'ny Famindrampo sy ny Asany, hikorianany, hisosany sy hamakivakiany ny lalana izoran'ny Eglizy eo amin'izao tontolo izao.

Dia hitondra ny anjara birikiny goavana amin'izany ny spazio + spadoni miaraka amin'ny OPERA M sy ny fitaovam-pampielezana, ny reEvolisionan'ny asam-pamindrampo. Raha jerena ny lafiny ara-pampiharana, dia manampy antsika tsy hanadino na oviana na oviana an'io fahamehana araka ny maha-olona sy ara-panahy io, izay tsy inona fa ny Famindram-po izy ireny, miara-miasa mba hampitondra vokatra ny fianarantsika tsy miato ny Asa amin'ny fiezahana mandrakariva hanatanteraka izany amin'ny vanim-potoana ankehitriny, mampahazo vahana ny fahazoana ny hevitra lalina fonosin'ireo Asa vonton'ny fifanjohian'ny toe-panahy sy ny fampiharana.

Manjohy an'io lafiny fototra io koa ny sehatry ny filana goavana isehoan'ny traikefan'ny spazio + spadoni, itondrany ny anjara birikiny manokana amin'ny fanohanana ny lafin'ny famindram-po lolohalanitra sy eto amin'ny planeta onenantsika, ho toy ny traikefa tontosa sy mihavao isan'andro noho ny harena entin'ny fihetsika, ny asa, ny hevitra sy ny vavaka izay tsy nalaina tahaka na tamin'inona na tamin'iza ary tokana aman-tany, satria endrika manankarena isehoan'ny fahasamihafana eo amin'ny tontolontsika.

Ny OPERA M tokoa mantsy amin'ny lafiny iray dia miely, ary amin'ny lafiny iray hafa dia mivelona amin'ny fisiana maro sy mahavariana, velomin'ny fiainana feno herim-panahy, izay hita amin'ny faritra maro amin'izao tontolo izao, eny fa na lavitra an'i Italia aza, ary mandray sy handray ny famoahana an'ity boky ity.

Ao amin'io fifanakalozana misy amin'ny sitrapo hanome hery ireo asam-pamindram-po sy ny fahafahana mandray ny vokatr'ireo asa ireo ihany, izay iavian'ny traikefa miely manerana an'izao tontolo izao, no nampidiran'ny OPERA M an'ny spazio + spadoni an-tsehatra ahy nandritra ny fitsidihana fohy kanefa mafonja nataoko tany Noto, Sisila tamin'ny fotoam-pahavaratry ny taona 2023.

Noresahina tao amin'ny Monastera kanton'i Masina Maria Tohatry ny Paradisa ny reEvôlisiônan'ny asam-pamindram-po ary nahatsapako tena ho toy ny rahalahy mpiara-dia tao amin'io tantara feno fahazavan-tsaina io, ary ho toy ny namana mpiray lalana araka izay tratra.

Azoko an-tsaina fa vokatry ny fandinihana maharitra sy fieritreretana tao anatin'ny vavaka ny famoahana ity boky ity. Natomboka izy ity, dia nodinihina, dia napetraka kely indray aloha ary farany dia naverin'antokon'olona avy amina faritra maro manerana an'izao tontolo izao nosoratana. Samy nitondra ny anjara birikiny izy ireny niaraka tamin'ny tantarany, ny vokatry ny fandinihany lalina sy ny iraka sahaniny. Noho izany dia anisan'ny dia tsy miato manosika antsika hanao fiaingàna vaovao maro izy io.

Enga anie ny nanontàna ity boky kely ity mba ho tonga fampirisihana fanampiny hijerena, hanehoana sy hisehoan'ny endriky ny famindram-po. Mila an'izany isika amin'ny maha-olona tsirairay antsika ary ho tsapantsika ny maha-maika izany, dia isika vehivavy sy lehilahy mirotsaka ao amin'io dia iarahan'ankohonam-piainana andraisan'ny spazio + spadoni anjara miaraka amin'ny OPERA M io.

*Son Excellence Révérendissime Mgr Fortunatus Nwachukwu*
*Sekreteran'ny Foibe miadidy ny Fitoriana ny Evanjely*
*Sampana misahana ny Fitoriana voalohany ny Evanjely sy ireo Eglizy any ifotony vao niorina.*

# TENY MIALOHA 2°

ReEvôlisiônan'ny Asam-Pamindram-po. Ny Asam-Pamindram-po dia tsy inona fa ilay antsointsika amin'ny fomba mahazatra hoe Asa Fiantràna na Asa Fitiava-namana. Ny hoe "reEvôlisiôna" kosa dia teny noforonina ka vaovao be amin'ny sofintsika. Eny efa rentsika ary matetika mihitsy aza angamba ny teny hoe "revôlisiôna", izay midika hoe "tolom-piavotana itakiana fiovana na fiovam-penitra mahery vaika" eo anivom-piaraha-monina na eo amin'ny sehatra pôlitika. Mety ho voaray ao anatin'io teny vaovao io ihany izany hevitra izany satria tsy azo lavina fa mitondra fiovàna sy fivoarana ny "reEvôlisiôna". Raha ny tena marina mantsy dia avy amin'ny foto-teny frantsay "*évolution*" izy io, izay midika hoe "fivoarana" ary notovonana "*ré-*" izay midika hoe "indray". Ara-bakiteny izany dia azo adika hoe "fivoarana indray" io teny io. Mivoatra ary mivoatra hatrany ny Asam-Pamindram-po. Ny votoatiny tsy miova (asa fanasoavana vonton'ny toe-panahy kristianina araka ny fampianaran'i Jesoa Kristy) fa ny fomba hanatanterahana azy no mila mivoatra manaraka ny zava-misy mba hitondra fiovam-penitra eo amin'izao tontolo izao. Dia toy izany koa mila hamafisina sy hatevenina hatrany ao amin'ny mpino kristianina ny toe-panahy mibaiko azy. Araka izany dia miara-mivoatra ny asam-pamindram-po sy ireo olona manatanteraka izany.

Misokatra ary vonona hiara-miasa amin'izay rehetra manao asam-pamindram-po ny Spazio + Spadoni, na anaty fikambanana na tsia, na anaty firohotana na tsia, na pretra, na relijiozy na lahika, eny fa na amin'ireo karazam-pinoana sy fivavahana maro samihafa manerana an'izao tontolo izao aza. Manokatra ny varavaran'ny diôsezintsika amin'io fikambanana io koa isika, satria asa fitoriana iombonana izany. Tsy safidy tokoa mantsy ny fanaovana Asam-pamindram-po fa adidy tsy azon'izay rehetra mitonona ho kristianina ialàna. Fepetra hentitra hidirana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izy io, araka ny tenin'i Jesoa ao amin'i Mt 25,31-46 ary antitranterina ao amin'ny fiarahan-dia izay manana ny mandrakizay ho tanjona itodiana. Marihiko etoana fa ireo rehetra manjohy an'ity vondrona ity dia antsoina hoe mponin'i spazio + spadoni, izany hoe mitoetra sy mivelona ao mihitsy. Tsy mahagaga àry raha lazain'i Luigi Spadoni mazava ato amin'ity boky kely ity fa tsy toy ny tantara lalaovina an-tsehatra ny Œuvre fa iarahana miaina. Izany hoe tontolo iainana mihitsy fa tsy sanatria toerana anaovana tsidi-pahitra isaka ny mahatsiaro.
Enga anie ny famakiana an'ity boky kely ity hanampy antsika hahatsapa ny hasarobidin'ny Asam-pamindram-po sy hampaniry antsika hiara-dia amin'ny OPERA M Spazio + Spadoni.

*S.E.R. Mgr Orthasie Marcellin Herivonjilalaina*
*Evekan'Ambatondrazaka*

# TENY FAMPIDIRANA

Ity lahatsoratra ity sy ny votoatiny dia teraka avy amin'ny fiombonam-pon'ireo olona mikambana amina vondrona kely iray, mponin'ny spazio + spadoni manerana an'izao tontolo izao, izay nivory nandritra ny iray volana mba hifampizara isan'andro mihiratra ny fiainam-panahy ivelomana ao anatin'ireo rindrin'i Md Cerbone.

Nentanin'ny toe-tsaina misiônera lalina izy ireo ka nampifanjohy ny kolontsainy sy ny traikefany samihafa tamin'ny alalan'ny asa hampijoroana idealy nampipoitra an'ireo tenin'ny reEvôlisiônan'ny asam-pamindram-po voarakitra ato amin'ity fandravonana ity, izay tambatr'asa iray goavana nifandrimbonan'olona samihafa.

Fikambanan-drelijiozy, pretra, katesista, mpilatsaka an-tsitrapo sy mpiasa sôsialy no niara-nisalahy namoaka an'ity asa soratra iombonana ho an'ity vondrona ity.

***Luigi Spadoni***
*Mponin'i spazio + spadoni*

# 1

# spazio + spadoni fijery sy misiôna

*Spazio + spadoni Fintina*

Raha atao indray mijery, ny spazio + spadoni dia fikambanana misahana asa misiônera mikendry ny fampiroboroboana sy fampielezana ny Asam-Pamindram-po. Ny OPERA M dia nimatimatesan'i Luigi Spadoni sy naoriny.

Inoanay tokoa fa raha tena iainana ny Asam-Pamindrampo ara-batana sy ara-panahy dia hanampy antsika ho tonga lehilahy sy vehivavy "vaovao" ary ho zary tondroavaratra manoro antsika ny lalana izorana mankamin'ny fahafenoana maha-zanak'Andriamanitra.

- Mampiroborobo sy manohana ireo dingana feno herim-panahy misy amin'ireo Fikambanana Katôlika sy ireo Fikambanan-drelijiozy misiônera any amin'ny faritra maro samihafa manerana an'izao tontolo izao mba hanatanterahana Asa Fiantràna entina maneho Famindram-po.
- Mampivelatra dingam-pahatongavan-tsaina sy dingam-pianarana vaovao afaka manambara fa ny miaina ny asam-pamindram-po dia reEvolisiôna amin'ny fiainan'ny lehilahy sy ny vehivavy, avy amina faritra rehetra amin'izao tontolo izao, avy amin'ny toerana rehetra sy ny finoana rehetra.
- Mamolavola sy manorina zotra, hetsika (asa) sy fitaovana, izay mikasa, amim-panetren-tena sy amin'ny fomba kanto, hanampy antsika ho afaka mampisy koriam-baovao vonton-kevitra ara-panahy ao amin'ny asa ataon'olombelona.

*Ny foiben-toerany*

Any Italia no misy ny foiben'ny spazio + spadoni, ao amin'ny tranon-drelijiozy mihibok'i Md Cerbone, any Lucques. Any no ahitàna ireo traikefa niainana ny famindram-po sy ny asa fanirahana amin'izao tontolo izao, tao no teraka sy narindra ireo fanombohan-javatra sy asa samihafa, ao no ahitana ny sekretarià jeneraly izay mbola amperin'asa tanteraka.

*Ny fijery amin'ny teny vitsy*

Spazio + spadoni dia mamokatra asam-pamindram-po sy asa fanirahana manerana an'izao tontolo izao

*Ny misiôna indray mihelatra*

Ny spazio + spadoni dia manohana ireo Fikambanan-drelijiozy misiônera, manao tantsoroka an'ireo vinan'asam-pamindram-po any amin'ny tanin'ny misiôna, manabe voho ny lafiny ara-kolontsain'ny asa fanirahana mbamin'ny asam-pamindram-po sahanin'ireo fikambanana italianina mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny asam-pamindram-po eto amin'izao tontolo izao.

# KRÔNÔLÔJIAN'NY ASAM-PAMINDRAM-PO

Ity tabilao ity dia manolotra fijery ankapoben'ny fivoaran'ny hevitra kristianina momba ny asam-pamindram-po, manoritra ny fomba nivelarany sy ny nihamafisany nandritra ny taonjato maro.

**Fa tanjony ihany koa ny manipika ny maha-zava-dehibe ny asam-pamindram-po tao amin'ny tantaran'ny zotran'ny Eglizy. Io zotra io no arahin'i spazio+spadoni mba hirotsahany amim-panetren-tena amin'ny lalan'ny fivoaran'ny asam-pamindrampo.**

- **TAONJATO I – EVANJELY**
  Ao amin'ilay lahateny mikasika ny « fitsaràna farany » (*Matio* 25,31-46), dia i Jesoa mihitsy no manambara ireo fitsipika iaraha-miaiky fa toromarika fototra momba ny asam-pamindram-po.
- **TAONJATO II – ERMA**
  Asa soa sy toetra tsara 20 no atolony, tsy hoe asa tanterahina fotsiny fa tena toe-panahy sy fomba iainana ny fifandraisana amin'ny hafa.
- **TAONA 150-200 – Md IRÉNÉE avy any LYON**
  Nivaofy izay voalaza ao amin'i *Mt* 25 ka nanitrikitrika fa izay manome zavatra ny mahantra dia manome an'Andriamanitra.
- **TAONA 200-250 – ORIGÈNE**
  Nanazava an-tsariteny izay voalaza ao amin'i *Mt* 25, nasongadiny fa tena zava-dehibe ny mamelona ny vatana sy ny fanahy.
- **TAONA 250-300 – LACTANCE**
  Nanolotra lisitra iray mitovitovy amin'ilay lisitry ny "asam-pamindram-po" mahazatra antsika. Nanao antso avo mba hampivelarana ny hevitra sy ny fampiharana ireo asam-pamindram-po araka ny fiheverana ankapobe.
- **TAONJATO III – CYPRIEN avy any CARTHAGE**
  Notsipihiny ao amin'ny fampianarany fa tokony arahin'asa soa ny vavaka.
- **TAONA 347-407 – Md JEAN CHRYSOSTOME**
  Nampiditra ny tamba-teny hoe : "sakramentan'ny rahalahy".
- **TAONA 354-430 – Md AUGUSTIN avy any HIPPONE**
  Namaritra ireo endrika roan'ny asam-pamindram-po : ara-batana sy ara-panahy, nampiditra ny voam-bolana "manome sy mandefitra" ary nampivondrona izany anaty sokajy telo : ny fihavanana, fanasàna hiraika amin'ny filana ara-panahin'ny namana ary ny fivavahana.
- **TAONA 470-542 – CÉSAR avy any ARLES**
  Nanao fandinihana momba ny fitiavana, ka nanoritra ny maha-zava-dehibe ny hoe "manome" na eo aza ny fetran'ny tena.
- **TAONA 604 – PAPA GRÉGOIRE LEHIBE**
  Nankato ny famoaboasana ara-panahy sy ara-materialy ny asam-pamindram-po, nampifandray izany amin'izay voalaza ao amin'i *Jôba* 29,12-13.

# KRÔNÔLÔJIAN'NY ASAM-PAMINDRAM-PO

- **TAONA 1050-1107 – THÉOPHYLACTE avy any OHRID**
  Nivaofy izay voalaza ao amin'i *Mt* 25, nanoritra fa vatana sy fanahy ny olona ka ilaina ny manao asa fiantràna amin'ireo lafiny roa ireo.
- **TAONA 1179 – COMESTORE**
  Nanampy ny asam-pamindram-po ara-batana fahafito : "mandevina ny maty" izay nalaina tao amin'ny bokin'i *Tobia* 1,17.
- **TAONA 1244 – Md PIERRE MARTIRY**
  Nandritra ny vanimpotoana nampiroborobo ny firahalahiana sy ny Kaompania Marialy, dia nanorina ny Famindram-po voalohany tao Florence i frera Pierre avy any Vérone : "hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asam-pamindram-po" no niantsoana azy io.
- **TAONA 1274 – THOMAS avy any AQUIN**
  Nohamafisiny ny lisitry ny asam-pamindram-po : ireo fito ara-batana (miaraka amin'ilay fahafito nalaina tao amin'ny bokin'i Tobia) sy ireo fito ara-panahy.
- **TAONA 1549-1563 – KONSILY TAO TRENTE**
  Nanoritra fa ny asam-pamindram-po dia fanehoana amin'ny fomba voajanahary sy tsy tsy azo ialana ny finoana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny namana.
- **TAONA 1908 – PAPA PIE X**
  Namintina ireo asam-pamindram-po 14 niadiana hevitra nandritra ny Kôngresy Nasiônaly momba ny Fandalinam-pinoana tamin'ny taona 1889, hita ao amin'ny Katesizin'ny foto-pinoana Katôlika izany.
- **TAONA 1992 – KATESIZIN'NY FIANGONANA KATOLIKA**
  Manambara fa ny asam-pamindram-po dia asa fiantràna anampiana ny namana amin'ny filàny na ara-batana izany na ara-panahy.
- **TAONA 1992 – PAPA JOANY-PAOLY II**
  Nankato ny Katesizin'ny Fiangonana Katôlika, ka hitantsika ao amin'ny dikan-teny farany navoaka tamin'ny 1995, ao amin'ny fizaràna miresaka momba ny Raiki-pohin'ny Foto-pinoana Katôlika, ireo asam-pamindram-po 14.
- **TAONA 2005 – PAPA BENOIT XVI**
  Namoaka taratasy manokana (Motu Proprio) milaza fankatoavana sy famoahana ny Compendium de la Doctrine Sociale de l'Église (Boky fототry ny fampianarana ara-tsôsialin'ny Eglizy).
- **TAONA 2015 – PAPE FRANÇOIS**
  Nanambara ny Jôbily miavaka ho an'ny Famindram-po ny 13 marsa ary namoaka ny taratasy fanaingàna Misericodiae Vultus – Endriky ny Famindram-po.
- **TAONA 2023 – SPAZIO SPADONI**
  Volana septambra : nanetsika ny OPERA M tamin'ny alalan'ny Forums mikasika ny reEvolisiônan'ny asam-pamindram-po tany Italia - Noto/Sisila sy tany Afrika - Bénin/Cotonou, Burkina Faso/ Bobo-Dioulasso.

# 2 OPERA M

## Famaritana sy votoatiny

**OPERA M** dia reEvôlisiônan'ny asam-pamindram-po. Fitaovana maharitra hampandrosoana hevitra mafy orina sy nohavaozina momba ny OPERA izy io.

### Miisa 14 ny Asam-pamindrampo

ARA-PANAHY

| ARA-PANAHY | | ARA-BATANA |
|---|---|---|
| **Manoro hevitra** an'ireo misalasala | 1 | **Manome hanina** an'izay noana |
| **Mampianatra** ny bado | 2 | **Manome rano** an'izay mangetaheta |
| **Mananatra** ny mpanota | 3 | **Mampitafy** an'ireo miboridana |
| **Manala alahelo** ny ory | 4 | **Mampiantrano** vahiny |
| **Mamela** hadisoana (heloka) | 5 | **Mikarakara (mitsidika)** ny marary |
| **Mandefitra** amim-paharetana ireo mampahory | 6 | **Mamangy** ny voafonja |
| **Mivavaka** amin'Andriamanitra ho an'ny velona sy ny maty. | 7 | **Mandevina** ny maty |

ARA-BATANA

**OPERA M** Nipoitra avy amin'ny fahamehana tsapan'i spazio+spadoni mafy mba hampivoarana indray (reEvôlisiôna) ny Asam-Pamindram-po ho toy ny zotra sady an'olombelona no an'Andriamanitra, ary noho izany dia ara-panahy sy ara-batana hatrany. Ny fahitana indray, izany hoe ny tena reEvôlisônan'ny Asam-Pamindram-po, dia tsy maintsy ho hita ato amin'ity fitambaran'ny endrika ara-panahy sy asa fampiharana ity. Tsy maintsy entanin'ny toe-panahy mandrakariva ny asa atao ety ivelany.




# 1 FIANTSOANA
**Miantso**
**ny Fanahy**

# 2 MIHAINO
**mangina mba hisokafana**
**amin'ny fihainoana**

# 3 MIHAONA
**miaraka**
**amin'ny olona**


# 4 MIASA
**ho an'ny œuvres**

# 5 MANONDRAKA
**mitondra ny asam-pamindram-po**
**amin'ny rehetra**

# 3 OPERA M fifandaminana

Ny *haifiainan'ny sidin'ny vorona* no nosafidin'ny OPERA M. Arindra ny zavatra rehetra, dia mifindra toerana, dia mivoatra miaraka amin'ny anjara biriky entin'ny rehetra, tahaka ny vorona mihodinkodina eny amin'ny habakabaka, ka samy manidina ny tsirairay nefa miaraka amin'ny hafa mba hirafitra ho tena iray. Fitobohana tonga lafatr'io firaisankina io izany izay manome heviny sy hery ny fiarahana.
Tahaka ny miseho mandritra ny sidin'ny vorona, dia tsy misy antanatohatra ao amin'ny OPERA M, fa mifampitsinjara raharaha ny rehetra, omena haja hanorina modelin-tsidina eny amin'ny habakabaka ny tsirairay. Tontolo (rafitra) iray feno herim-panahy ka ampy ny manaraka ao anatiny ireo fitsipika tsotra ahazoana hetsika iray iombonana.

Ny OPERA M dia manana RAFI-PANDAMINANA iray novolavolaina mba hampizotra ny asa amin'ny fomba mitozo, malaky ary mamokatra, tsy misy fisalovanana andraikitra ary mikendry ny tombon-tsoan'ny rehetra.



# 4 OPERA M                    fomba fiasa

Zava-dehibe ny fomba fiasa ao amin'ny OPERA M : mitari-dalana ny **toe-panahin'ny** mpiandraikitra manoloana ny asa sy ny **fomba** namolavolana ny asa nandritra ny dingana fanatanterahana izany. Dingana iray izay tokony heverina ho mavitrika sy mivoatra, nanomboka tamin'ny nanaovana fanentanana tany amin'ny faritany (territoire) hatramin'ny nanorenana ny Asan'ny Ankohonam-piainana mpamindra fo[1].

Ny TOE-PANAHY ho an'ny OPERA M, dia ny fomba fanatomorona sy ny FOMBA **fizotran'ny asa eny an-kianja.**

Fomba fanatomorona

miompana amina teny fototra efatra ny modely arahina amin'ny fomba fiasan'ny OPERA M

## FIARAHAN-DIA

Izany dia midika hoe manorina miaraka amin'ny hafa: fandinihana, fehin-kevitra sy tolo-kevitra, ka tsy raisina ho toy ny fihetsika tsotra hanehoana fanajana akory, fa toy ny singam-piombonana sy singam-pifampizarana tsy azo soloina ao amin'ny zotran'ny OPERA M.

Tsy mety hisy Asam-Pamindram-po na oviana na oviana raha tsy misy faniriana maharitra hizara, izay mitaky fotoana mba hisian'ny fifampihainoana, ny fikolokoloana ny fifandraisana, ny fahaizana mametraka fanontaniana mikasika ny zavatra azon'ny tena antoka ao amin'ny tena fihaonana marina sy mahavokatra amin'ny fandraisana ny hevitry ny hafa.

## TAN-TSOROKA na FITANTANANA

**Tsy toy ny tantara lalaovina an-tsehatra ny Œuvre fa iarahana miaina**

Ny manao tantsoroka, dia mifampizara ny œuvre amin'ny fanatanterahana azy ka itoerana ao anaty fepetra manampy amin'ny fifankahafantarana vaovao mandrakariva miaraka amin'ny asa sy ireo olona manentana azy. Noho izany dia ilaina ny fahatongavan-tsaina ny amin'ny fahalemena sy ny faharefoan'ny tena eo anatrehan'ny zavatra tsy mety ho tena azo raha tsy amin'ny alalan'ny traikefa niainan'ny hafa. Amin'izay ihany izy no ho zary fifanakalozana eo amin'ny olombelona samy marefo, fifanakalozana ahafahan'ny tsirairay sady manome no mandray.

[1] *Ireo asa ataon'ny Ankohonam-piainana Mpamindra fo anefa dia tahaka ny asa ataon-tanana ihany, tsy misy asa iray mitovy tanteraka amin'ny iray hafa ; afaka mamolavola izany amin'ny fomba fiasa iombonana ny tanantsika, saingy samy maka sy manana ny endrika mampiavaka azy avy ny tsirairay amin'izy ireny. Izany no ahafahantsika mampiaina reEvôlisiôna ara-kolontsaina tena izy indrindra amin'ny fananana fifaharana ara-metôdôlôjia iray izay torolalana hiasàna sy hanorenana « asa tanana » samihafa lalandava, arahina fihetsika tsotra mahatratra (manohina) ny vatana sy ny fanahy, izany hoe ny fiainan'ny olona.*

# 5 OPERA M

fitaovana sy toromarika

## PRO MISERICORDE na vata fitoeram-pitaovana

Namorona ary manohy mamolavola tsy tapaka fitaovana azo ampiasaina tsara sy toromarika/soso-kevitra mora azon'ny rehetra ny spazio + spadoni, mba hampiroboroboana ny **Opera M** amina ambaratonga samihafa.
Voasoratra amina fiteny maro ny ankamaroan'ireo "fitaovana" ireo. Mandehana any amin'ny fizarana tandrify ny vavahady ahafahana mijery ireo taharon'ny vatan'ny fitaovam-piasana nampanarahana ny toetr'andro.

## NY ENDRIKY NY OPERA M

Miendrika tanana izy io. Ny rantsan-tanana tsirairay dia mamela **MARIKA (empreinte)** mampitodika amina hevitra na foto-kevitra heverina fa ilaina ary tsy azo ialàna mandritra ny fanatanterahana asa iray, mba hananan'ilay hetsika atao hevi-pahafenoana sy ahafahany mampita zavatra miabo amin'olona maro hafa.

Ireo **dian-drantsana 5** mandrafitra ny endriky ny **OPERA M**

- Miantsoa
- Mihainoa
- Mandehàna mihaona
- Miasà
- Manondraha na manapariaha

Raha te hahafantatra bebe kokoa momba ny endriky ny **OPERA M**, dia azonao jerena ny andalana voatokana ho an'izany ao amin'ny tranonkalam-pifandraisana spaziospadoni.org

## NY FAMANTARANA

Ny folara dia singa iray mampiavaka ny mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny OPERA M sy manamarika ny maha-mpikambana sy ny maha-izy azy ary ny maha-zava-dehibe azy eo anivon'ny fikambanana. Vita amina lamba efamira ahodidina amin'ny tenda izy io. Ny fitondrana folara dia mariky ny fidirana ho mpikambana sy fampiroboroboana ny asa fanompoam-pamindram-po, ny fitomboana ara-panahy ary ny firotsahana hampiely ny asam-pamindram-po.

## IREO LOKO AMPIASAIN'NY OPERA M

- Ny **MENA** : lokon'ny tanjaka sy ny hery. Bahana mba hampisiana reEvôlisiônan'ny asam-pamindram-po
- Ny **FOTSY** : dia manambara fanombohana mandrakariva, pejy madio anoratantsika miaraka ny tantarantsika
- Ny **VOLON-DAVENONA** (volom-batolalaka) dia lokon'ny fivavahana sy ny fifamatoram-pirahalahiana ao amin'ny **OPERA M**

## TENY FILAMATRY NY OPERA M

"***Amperin'asa ny famindram-pon'Andriamanitra***".
Dia valiana hoe:
"***Mandrakariva!***".
Tononina isaka ny mifampiarahaba io teny filamatra io.

## VAVAKY NY MPANAO ASAM-PAMINDRAM-PO

Tompo ô,
ataovy tonga mpiasan'ny famindram-ponao aho,
mba ahafahako mitondra ny hamamin'ny fitiavanao amin'ireo izay mila izany,
amin'ny alalan'ny fanaovana ireo asam-pamindram-po ara-batana sy ara-panahy.
Amen !

## VAVAKA FOHY AVY AO AM-PO

Ry Fanahy Famindram-po,
inty aho,
manentana ny asanay.



Ny folara dia singa iray mampiavaka ny mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny OPERA M sy manamarika ny maha-mpikambana sy ny maha-izy azy ary ny maha-zava-dehibe azy eo anivon'ny fikambanana. Vita amina lamba efamira ahodidina amin'ny tenda izy io. Ny fitondrana folara dia mariky ny fidirana ho mpikambana sy fampiroboroboana ny asa fanom-poam-pamindram-po, ny fitomboana ara-panahy ary ny firotsahana hampiely ny asam-pamindram-po.

## ivelan'ny fankalazana

*amin'ny fomba tsotra sy haingana raha «Laika» no mitarika*

Antsoin'ilay hametraka ny folara amin'ny anarany ilay mpilatsaka an-tsitrapo vaovao. Dia hamaly izy ka hanao hoe:

«**HIC SUM**» na «**INTY AHO**».

Dia omena azy ny folara ary ahodidina ny tendany. Azon'ilay mametaka ny folara atao koa ny miteny hoe :

***"Amperin'asa ny famindrampon'Andriamanitra"*.**

Dia valian'ilay mandray hoe:

***"Mandrakariva!"***

## mandritra ny fankalazana na seremônia

*amin'ny fomba ôfisialy*

Mandritra ny fankalazana fombam-pivavahana na amina lanonana tarihina lahika, na mandritra ny Sorona Masina, aorian'ny ***Izaho mino***, dia antsoin'ny mpitarika amin'ny anarany tsirairay ireo mpilatsaka an-tsitrapo.

# FANOLORANA FOLARA

Mitsangana ilay mpilatsaka an-tsitrapo, ary miteny eo amin'ny toerana misy azy manao hoe :

«**HIC SUM**» na «**INTY AHO**».

Rehefa izany dia mandroso izy ary milahatra miaraka amin'ireo mpilatsaka an-tsitrapo hafa efa nantsoina, manoloana an'ilay voatendry hanolotra ny folara sy hampitondra azy izany.

Rehefa tapitra nantsoina ireo mpilatsaka an-tsitrapo rehetra ary efa mijoro eo anatrehan'ny mpitarika, dia hiarahan'izy ireo manao ity vavaka ity :

« TOMPO Ô, ATAOVY TONGA MPIASAN'NY FAMINDRAM-PONAO AHO, MBA AHAFAHAKO MITONDRA NY HAMAMIN'NY FITIAVANAO AMIN'IREO IZAY MILA IZANY, AMIN'NY ALALAN'NY FANAOVANA IREO ASAM-PAMINDRAM-PO ARA-BATANA SY ARA-PANAHY.»

Dia valian'ny mpino sy izay tafavory hoe : "**AMEN**".

Hiteny amin'ilay mpilatsaka an-tsitrapo indray ilay tompon'andraikitra hanolotra folara hanao hoe :

***"Amperin'asa ny famindram-pon'Andriamanitra"*.**

Dia valian'ilay mandray hoe:

***"Mandrakariva!"***

Dia ahodidin'ny mpanolotra amin'ny tendany ny folara.

Mitohy amin'ny Ranombavaky ny Mpino ny Litorjia raha mandritra ny Litorjia no anaovana izany, raha lanonana hafa kosa dia mitohy amin'ny fandaharana manaraka.

# Md JOSEFA

## Fampahafantarana an'ilay Mpiaro ny spazio + spadoni

Amin'ny fo feno fanetren-tena sy feno fankasitrahana an'Andriamanitra no anambaranay aminareo fa izahay dia nifidy sy nanapa-kevitra hanankina ny Opera spazio + spadoni eo ambany fiarovan-dehiben'i Md Josefa, mpiaro hatramin'ny ela ny Eglizy maneran-tany izay Vadin'i Kristy, mpiambina nahay nangina sy nahatoky an'i Jesoa, mpiasan'ny famindram-po. Manasa ny mponin'ny spazio + spadoni rehetra izahay mba hankalaza azy isan-taona, ny 19 marsa, andro natokana ho azy.

## Vavaka amin'i Md Josefa, mpiaro ny spazio + spadoni

Ry Ray sy Mpahary ny tontolo,
omeo anay noho ny vavaka sy ny
ohatra nasehon'i Md Jôsefa, ny
hitoetra mahatoky amin'ny
andraikitra nankininao aminay sy
ny ho tonga mpiasan'ny
reEvôlisiônan'ny asam-
pamindram-po.
Ataovy mahazo soa mandrakariva amin'ny fiarovany izahay mba hahatsapanay ny fahoriana rehetra eto amin'izao tontolo izao, izay ny hazofijaliana no sary fanehoana maharesy lahatra indrindra. Amen



# NY FITENIN'NY FAMINDRAM-PO
# AO AMIN'NY OPERA M an'i spazio + spadoni

Mahita an'Andriamanitra amin'ny fiainana andavanandro. Izany no iraka iantsorohan'ny spazio + spadoni sy ny asa teraka avy amin'ny fahalalahan'ny fony. Mijoro ho vavolombelon'ny Evanjely isan'andro. Izany no asa fanirahana hitory ny Evanjely. Efa nisy hatramin'izay izany. Zava-mitranga sy ny toe-javatra manamarika lalina ny fanahintsika no mamaritra ny fiainantsika. Zava-mitranga mahazatra mifandray amin'ny fiainan'ny tokantranontsika, zava-mitranga izay manova lalina ny fifandraisantsika. Tambazotra matevina sy feno pitsopitson-teny sy famantarana no manjohy ireo oran'ny androntsika. Spazio + spadoni izany.

Zava-dehibe izany hoe mahatsapa ny fitiavan'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina izany, satria samy zanak'Andriamanitra ary miombona amin'ny fiainan'Andriamanitra. Hahita an'Andriamanitra isika, hahita famindram-po. Andriamanitra mihitsy.

Izany no hevitry ny reEvôlisiônan'ny asam-pamindram-po araka ny fijery sy tanjona anivom-piangonana ananan'ny spazio + spadoni. Famindram-po Andriamanitra ary miraika amin'ny olona mijaly sy mahantra, ary mandray anjara amin'ny zavamisy iainan'olombelona. Ny hoe mamindra fo dia midika hoe minia mandresy ny fomba fifandraisan'ny olombelona voabaikon'ny kajikajy. Ny famindram-po, raha ny marina, dia mampiditra fitsipi-pahalalahan-tanana tena ilaina ao amin'ny fifandraisan'ny olombelona, izay tsy handrefesana intsony ny soa vita amam-pahamendrehana sy ny trosa mifamaly, fa mitondra amin'ny fifamelana hatramin'ny impitompolo fito. Ny famindram-po dia manondro ny lafiny tsy misy fepetra ananan'ny fitiavana : ny fanekena ny hafa amin'ny maha-izy azy, ny fanajana sahaza azy, ny fanampiana ananany zo, ny firariana hasambarana izay tokony avantana aminy mandrakariva.

Samy andalam-pitadiavana endrika vaovao isika rehetra, mitady lalana vaovao sy fiteny vaovao, mila vavolombelona sy fomba fiasa, mila endrika mpanabe vaovao afaka mamela marika amin'ny taranaka vaovao, amin'ny fanabeazana azy ireo hanana fiainana feno fa indrindra indrindra ny tena fiainana. Efa voamarika hatramin'ny ela ny lalana. Ny lalan'ny famindram-po, ny lalan'ny fanomezana atoron'ny evanjely na ohatrinona sarany na manahoana sandany. Ny lalan'izay mahafoy tena tsy misy fetra ho an'ny hafa, tsy ahitana fisainana tsy mamokatra feno kajikajy sy fitadiavan-tombontsoa. Ny lalan'ireo izay liam-pitiavana. Ny lalana mitondra mankany amin'ny hatsarana sy ny toetra mahatehotia. Mbola mihoatra an'izany anefa. Efa nanorim-ponenana miaraka amintsika ao amin'i Kristy Jesoa ny kanto sy ny fahasoavana. Ny famindram-po dia ny fahalianam-pitiavan'Andriamanitra ho an'ny olombelona, ary io fahalianam-pitiavana io dia takian'Andriamanitra amin'ny mpino eo anatrehan'ny olona tsirairay, na iza izy na iza.

Ilaina ny manome endrika iray vaovao an'ireo zotra pastôraly marobe ataontsika, an'ireo zotra diso sy mibirioka lavitry ny lalan-tsaim-piombonana sy fiarahan-dia. Enga anie hamirapiratra ao amin'ny ankohonam-pianantsika ny endriky ny famelan-keloka, ny endriky ny fahaizana manolo-tena ho an'ny hafa ho toy ny fanomezana. Izao àry ny Hazofijaliana.

Fitiavana tsy misy fetra. Miantso, mihaino, mandeha mihaona, miasa, ary manondraka: hetsiky ny fiantrana mavitrika mampisy heviny ny asan'i Luigi Spadoni. Ilaina ny miainga, manohy ny lalana izay mitondra mankany amin'ny toerana anoratan'izao tontolo izao ny tantarany eo amin'ny pejy tsy misy faran'ny fiainana voalokom-pamoizam-po.

Ilaina ny miainga ka itondrana izay tena ilaina hiatrehana ny harerahana ateraky lalana, any amin'izay ahafahana mihaona amin'ny hafa, any amin'izay ijanonana hakana aina, anitsiana ny naotin'ny fo (naotina mozika), ary ahafahana mahatsikaritra ny dingana ataon'ny mpandeha hafa...

Izay tia dia manana fijery mifantoka mandrakariva amin'ny fara-tazan'ny maso. Fitiavana mihetsika. Tsy manakimpy ny masony amin'ny zava-misy manodidina azy velively izy; mirona sy mitandrina mandrakariva amin'ny zavamisy atrehin'ireo olona miezaka manoratra ny zavatra iainany manokana, tsy hoe tsy misy ahiahy na fijaliana. Ary eny an-dalana eny no misy ny olona, endrik'Andriamanitra. Ilaina ny mampidanadana ny varavaran'ny fon'ny tena ary noho izany dia lasa mangoraka ny hafa ka miezaka mitia tahaka ny itiavan'Andriamanitra, mamela heloka araka izay nampianariny antsika. "Omeo maso hahita ny filana sy ny fijalian'ireo rahalahy sy anabavy izahay; ampidiro ao anatinay ny fahazavan'ny teninao mba hampiononanay ny reraka sy ny vesaram-pijaliana: aoka izahay hanolo-tena amin'ny fo mahitsy hanompo ny mahantra sy ny mijaly."

Mijanona ary miondrika. Io no hetsika feno fitiavana, tsy manjakazaka fa miasa mangina, hetsika ananan'ny mpanentana tsirairay ao amin'ny spazio + spadoni, dia ireo mirotsaka amin'ny asa manahiran'ny fanabeazana. Vonona hatrany hanome fanantenana indray an'ireo tafalatsaka ao anatin'ny fandrika maizin'ny jiolahy manjakazaka. Apôstôlàn'ny fiantrana feno famindrampo!

Ny tena kristianina dia antsoina hanana hery ilaina hitondra ny fahorian'ny hafa, ka hahatonga azy ho toy ny ampondra, miaina amin'ny asam-panompoana sy ny fanoloran-tena feno. Misy lalana iray, toerana iray iainana ary iangonan'ny nofinofin'olombelona, sampanan-dalana ifamatoran'ny dian'ny rehetra, dia ny an'ireo izay mitady ny tsara sy ny an'ireo maniry hijanona ao anaty faharatsiana sy fahadontoam-piainana. Eny an-dalana no mijanona, miondrika, mikarakara, ka mijery sy mametraka eo ambonin'ny ampondrany ilay tsy nangataka anao hanao fahagagana fa niangavy poti-pitiavana feno fiahiana vonon-kandray tamin'ny alalan'ny topim-pijery tamin'ny masonao. Ilaina ny manasitrana ireo ratran'ny fo… Ny tena mihitsy no manefa, angamba voatery mamoy ny zava-drehetra : izany anefa no sandan'izay tia, izay tsy mandray ho zava-dehibe ny raharaha ara-bola, na ny fampiatoana ny dia, na ny vola homena ny tompon'ny trano fandraisam-bahiny.

Rehefa mitoetra ao Aminy sy mamela Azy hitoetra ao amintsika miaraka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina isika, dia manjary hazo tsara, izay toe-javatra miseho ao amin'ny vokatry ny Fanahy (jer. Gal 5,22) izay atolotsika ao amin'ny fifandraisantsika rehetra amin'ny zavaboary hafa; noho izany, ny valy ataontsika amin'ny famindram-pon'Andriamanitra miasa dia ny ho tonga mpamindra fo amin'ny olon-kafa rehetra sy amin'ny voary manontolo.

Ny asam-pamindram-po ara-batana sy ara-panahy no tavela amin'ny famindram-pon'Andriamanitra izay nekentsika sy novantsika tamin'ny alalan'ny Fanahiny izay mampiasa famindram-po amin'ny fifandraisantsika rehetra: "Sambatra ny mamindra fo, fa hamindràna fo izy" (Mt 5,7). Mitoetra ao am-po ny famindram-po ary izany dia herim-pitiavana mavitrika, hery tsy noforonina ary feno fangorahana. Asehon'Andriamanitra amintsika sy amin'ny zavaboary tsirairay izany toetra izany satria niditra an-tsehatra tamin'ny tantaran'ny rehetra sy ny tsirairay tamintsika tamim-pamindram-po izy. Ary satria famindram-po Andriamanitra, dia ny hoe : "Tompo ô, mamindrà fo" no hany valin-teny azontsika omena.

Tokana aman-tany sy mahavita zavatra ny fampianaran'ny spazio + spadoni. Antsoina handrafitra ny Vatan'ny Kristy eto amin'izao tontolo izao isika, amin'ny alalan'ny asam-pamindram-po izay fanehoana io fitiavana vonona mndrakariva hifandray amin'izay rehetra mila fanampiana, fifanajana ao amin'ny fifandraisam-pitiavana Izaho-Ianao feno fangorahana izay mandositra ny fitiavam-bavaka ivelambelany fotsiny ary miseho ao amin'ny fahafoizan-tena malalaka ho an'ny hafa, ka manolo-tena hanao asam-pamindram-po ho fanasoavana ny rahalahintsika/rahavavintsika sy anabavintsika/anadahintsika sahirana ka mila fanampiana.

Tsy manam-petra ny fanatrehan'Andriamanitra, ary feno sy lavorary ny fitiavany; mihoatra lavitra ny asany rehetra ny famindram-pony ; ny traikefan'ny fanatrehan'Andriamanitra anefa amin'ny lafiny iray dia miankina amin'ny kristianina izay maneho ny fitiavany sy ny famindram-pony ao amin'ny toe-javamisy iainany amin'ny maha-olombelona azy. Ireo asam-pitiavana ataontsika amim-pamindram-po feno fitiavana amin'ny namantsika, na dia tsy misy dikany toy inona aza izany, dia mampiharihary ny fanatrehan'Andriamanitra na ny fisiany eo amin'izao tontolo izao, amin'ny fandrafetana ny Tenan'i Kristy mandra-pahatongany amin'ny fahalavorariana : dia hiseho amin'ny fahafenoan'ny voninahiny i Jesoa, amin'ny fiafaran'ny fotoana, hampivondrona ao Aminy, amin'ny maha-Loha azy, ny voaary manontolo.

Nampiraisina tamin'ny Vatan'i Kristy, Filohantsika isika tamin'ny Batemy, ka afaka mahazo ny hery hitondrana ny vokatry ny famindram-po feno fitiavana ho an'ny hafa raha toa ka miray Aminy, tahaka ny iraisan'ny sampana amin'ny foto-boaloboka, ary izay ihany. Amin'ny alalan'ny hatsaram-panahintsika sy ny famindram-po ataontsika amin'ny hafa, ao amin'ny Fanahin'i Jesoa nandresy ny fahafatesana tokoa manko no ahafahantsika manao izay hahatonga nofo ny fitiavany feno famindram-po sy ny fitiavan'ny Ray an'ireo rehetra mety tsy ho nanana fahafahana velively hanao traikefa mikasika izany famindram-pon'Andriamanitra izany.

Mikarakara dia izay. Toy izany ny mpanabe, ny mpanentana izay mahatsapa fitiavana ny taranaka vaovao. Io no lalàna masimandidy ao amin'ny lalan-tsain'ny fanabeazana. Mahafoy mba hahazoana, amin'ny fiezahana ho tonga endrik'Andriamanitra feno famindram-po toa an'i Jeso. Miondrika mba hitsangan-ko velona, kanefa tsy mandeha irery. Manao ny tena ho ampondra mba hampandrenesana fa efa akaiky ny hanitry ny trano. Dia ilay tranonao.

Rehefa miaina toy izany isika, dia ho lasa fitenin'ny famindrampo marina tokoa. Misaotra anao Luigi, noho ny fampianarana mangina omenao mikasika ny fitiavana azo tsapain-tanana.

S.E.R. Mgr. Salvatore Rumeo<br>Evekan'i Noto (Sisila)

# AMPERIN'ASA NY FAMINDRAMPON'ANDRIAMANITRA MANDRAKARIVA !

BLOG MISSION

WEBSITE

**PROMOUVOIR** VOTRE CHARISME EN 30 LANGUES SUR SPAZIOSPADONI.ORG

spaziospadoni.org

*Partner* The ECONOMY of FRANCESCO *francescoeconomy.org*

SPAZIO SPADONI

GÉNÈRE DES ACTIONS DE MISSION ET DE MISÉRICORDE DANS LE MONDE